REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

***NY FILOHAN'NY REPOBLIKA***

*************

***<u>ANTONY :</u> Fanamafisana ny ady amin'ny kolikoly sy ny fiarovana ny fananan-tany***

*Andriamatoa PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,*

*Ramatoa sy Andriamatoa MINISITRA isany,*

*Andriamatoa SEKRETERAM-PANJAKANA isany,*

*Andriamatoa MINISITRA LEFITRA,*

*Ho fanatanterahana* ***ny « Velirano » mikasika ny fanamafisana ny fanapariaham-pahefana sy ny fiarovana ny fitantanana ny fananan-tany*** *dia efa maro tokoa ny ezaka vita sy notanterahana teo anivon'ny Governemanta, nefa mbola betsaka ihany koa ny tsy vita sy ny miandry, hahatratrana io tanjona io.*

*Satria tokoa mantsy* ***mitana toerana lehibe sy manan-danja ary isan'ny fepetra ilaina ny hampazava ny toetry ny tany****, mba hahafahana mampivoitra sy mampivelatra ny fampiasam-bola ary hahafahan'ny tompon-tany* ***misitraka sy mitrandraka ny taniny ao anatin'ny filaminana.*** *Misy fiatraikany ihany koa amin'ny fampivoarana ny tontolon'ny fandraharahana ny fisian'ny fanatsarana ny sehatry ny fananan-tany. Ary indrindra tokony* ***hitondra fitoniana eo amin'ny vahoaka izany****.*

*Izany no hahafahantsika manatratra ny tanjona napetraka, entina hampandrosoana ny toe-karena eto Madagasikara, araka izay efa voalaza ao anatin'ny PEM.*

*Araka izany,* ***dia ao ny fanomezana ny « certificat foncier » izay taratasy avy amin'ny « guichet foncier » napetraka eny anivon'ny Firaisana (Commune)****, izay manan-kery mitovy amin'ny « Titre foncier » ka* ***manome zo ilay olona ho tompon'ny tany izay nohajariany.***

*Na eo aza izany rehetra izany, araka ny fantatra, dia betsaka ary mihamaro tokoa ny raharaha momba ny ady tany eny anivon'ny* ***fitsarana izay mitarika korontana sy tsy fandriam-pahalemana eo amin'ny mponina.*** *Izany dia vokatry ny fahasarotana sy ny faharetan'ny paikady eny anivon'ny fitsarana,* ***nefa koa indraindray, dia noho ny fisian'ny fanararaotam-pahefana sy ny fanaovana kolikoly amin'ny endriny samihafa.***

*Araka ny efa voalazako moa dia tsapa izany mandritra ireo fitsidiham-paritra nataoko* ***izay nitondran'ny olona ny alahelony noho ny fisian'ny endrika kolikoly*** *mahakasika olana mifandraika amin'ny ady tany.*

*Manaraka izany, araka ny antotan'isa ananana tamin'ity taona ity, dia* ***eo amin'ny ampahatelon'ny raharaha misy eo anivon'ny fitsarana ihany aloha hatramin'izao no efa voatsara.***

*Araka izany dia tsy maintsy mahita vahaolana maharitra sy mivaingana isika, mifandraika amin'izany ary azo tanterahina mba hahafahana manatsara ny fitantanana ny fananan-tany ao anatin'ny fahombiazana sy ny mangarahara.* ***Tsy maintsy miainga avy amin'ny tompon'andraikitra rehetra isan'ambaratongany avy izany****, toy ny Sampandraharahan'ny fananan-tany, ny fikajiana ny taratasy fananan-tany, ny mpiandraikitra ny fandrefesan-tany, ny fitsarana ary ireo tompon'andraikitra eny amin'ny firaisana (Commune).*

*Satria tokoa mantsy,* ***ny fijerintsika dia tokony hikendry ireo tanjona napetraka mba hahafahana manatratra ireo fepetra tsy maintsy hajaina raha tiana ny hiarovana sy hanatsarana ny fitantanan-draharaha*** *momba ny fananan-tany manerana ny Nosy. Noho izany, manainga ny tsirairay ny tenako mba hanao izay azo atao rehetra, hanatratrana izany tanjona izany.*

*Noho izany, dia hanao ny ezaka rehetra isika hahafahana manatsara hatrany ny sehatry ny fitantanana ny fananan-tany ka hanatanteraka hetsika azo tsapain-tanana, toy ny :*

• ***fanafainganana ny fitsarana ireo ady tany*** *eny anivon'ny fitsarana;*

• ***fanalefahana ny fombafomba sy paikady ampiharina amin'ny resaka tany,*** *na eny amin'ny sampandraharaha momba ny fananan-tany izany na eny anivon'ny fitsarana;*

• ***famporisihina ny mponina hanaraka ny fitsipika rehetra ka hanao izay haha-ara-dalàna ny tany izay novidiany****, na koa ireo tany ipetrahany;*

• ***fahafahan'ny olona mahazo sy mahafantatra ny mombamomba ny lalàna rehetra*** *izay manan-kery mikasika ny fananan-tany, manoloana ny tsy fahafantaran'izy ireo izany;*

• ***fandaminana sy fanatsarana ny fampandehanan'asa*** *eny amin'ny sampandraharaha miandraikitra ny fananan-tany;*

• *fampivoarana ny fampiasàna ny tekinolojia, na eo amin'ny fitantanana ny fananan-tany izany, na eo amin'ny fanafainganana ny fikirakiràna ireo antotan-taratasin'ady* ***ao anatin'ny mangarahara tanteraka amin'ny ambaratonga rehetra ary mba hananana antotan'isa marina sy mazava; ka tsy azo disoina na hanaovana fisolokiana;***

• *tokony hampitomboina ny isan'ny « guichet foncier » mamoaka ny « certificat foncier » satria mbola 561 ihany ny isany amin'izao fotoana izao, raha toa ka miisa 1695 ny firaisana (Commune) tokony hametrahana izany;*

• ***ny fanomezana fiofanana an'ireo tompon'andraikitra rehetra miainga any ifotony****, toy ny fokontany izany, mba hahafahan'izy ireo misoroka, araka izay azo atao, ny ady tany mety hisy eny anivon'ny vahoaka.*

***Araka ny efa nambarako dia tsy miantsy hatao vaindohan-draharaha ny fametrahana vaha olana maharitra hamahana ny olana mahakasika ny ady tany.*** *Ilaina ny fametrahana rindran-damina sy rindran'asa vaovao mahomby sy mangarahara kokoa eo anivon'ny Fitsarana mba ahafahan'ny rafi-pitsarana isan'ambaratongany manatsara ny fomba fiasa,* ***manamora ny fanaraha-maso ny fandraisana an-tanana ireo anton-tataratasin'ady maro be voaray eo anivon'ny fitsarana.*** *Koa miantso sy manainga ny Minisitra tompon'andraikitra,ireo mpitsara sy mpiantsehatra rehetra eo anivon'ny fitsarana ary ny parlemantera handray ny tandrify azy ary hiaraka hikaon-doha ho an'ny fanatanterahana ireo fepetra ireo mba hanatratrana ny tanjona kendrentsika.*

*Noho izany, dia manao antso avo, ny tenako ny mba handraisana* ***anjara mavitrika amin'ilay Fihaonambem-pirenena momba ny fananan-tany izay ho tanterahina ny 08 sy 09 ary 10 jona 2022*** *ho avy izao, hitadiavana vahaolana maharitra sy mifandraika amin'ireo sakana rehetra manodidina izany.*

*Andriamatoa Praiminisitra, Ramatoa sy Andriamatoa isany Mpikambana ao amin'ny Governemanta, raharaha iraisana ny resaka fananan-tany, ary mahakasika minisitera maro, koa dia manainga antsika tsirairay ny tenako mba samy handray ny andraikitra tandrify azy avy, hahafahana manatsara ny fitantanana ny fananan-tany, hahatonga izany ho fanoitra hampandroso an'i Madagasikara.* ***Fitsarana marina sy mangarahara, ary manakaiky ny vahoaka no tanjontsika.***

*Araky ny Velirano natao tamin'ny vahoaka Malagasy,* ***dia mila manamafy ny ady amin'ny kolikoly sy misorona ireo disadisa eny anivon'ny fiaraha-monina noho ny ady tany, fa indrindra indrindra mila averina ny fitokisan'ny vahoaka amin'ny fitsarana sy amin'ireo Sampandraharaha misahana ny fananan-tany.*** *Koa mitodika manokana aminareo tompon'andraikitra isan-tsokajiny ary ny tenako anio. Singaniko manokana amin'izany ireo* ***Minisitera roa izay voakasika voalohany amin'ity sehatry ny fananan-tany ity dia ny Minisiteran'ny Fitsarana sy ny Minisiteran'ny Fanajariana ny tany sy ny Fananan-tany.*** *Fototra iorenan'ny fampandrosoana an'i Madagasikara ny sehatry ny fananan-tany satria ahafahana mametraka fiarahamonina mirindra sy mitandro ny tany tandalàna. Raiso ary tanteraho ny andraikitrareo mba ho fanatratrana ny fanovana goavana kasaintsika hapetraka eto amin'ny firenena.* ***Ka ny fanapahan-kevitra raisin-tsika anio dia ho lova tsara hositrahan'ireo taranaka faramandimby.***

*Antananarivo, faha 25 may 2022*

***Ny Filohan'ny Repoblika***

***Andry RAJOELINA***